ZOMA NY FO MASIN'I JESOA

TAONA B 2018

« Miderà an'ny Tompo, miantsoa ny anarany; torio amin'ny firenena ny asany lehibe, ataovy antso avo, fa tafasandratra ny anarany» (IZ. 12: 4)

Ry Kristianina havana, raha tamin'ny Alahady lasa teo isika namakivaky ny tanàna naneho fa eo anivontsika tokoa Andriamanitra sy manambara ny finoantsika fa tsy Andriamanitra lavitra ny Andriamanintsika fa mpiara-belona amintsika. Mamelona antsika izy amin'ny vatany sy ny ràny anambarany fa be fitiavana tokoa izy. Izany fankalazana izany koa maniraka antsika ho Eokaristia eo amin'ny mpiara-belona amintsika. Isika izao no Eokaristia tahaka an'i Masina Maria nandeha namangy sy nanompo an'i Elizabeta rahavaviny, tahaka an'i Lucien Botovasoa olontsambatra nanolotra ny ainy noho ny fitiavany ny tanindrazany. Isika ihany koa amin'ny alalan'ny fanorenana Eglizy Olona Velona dia haneho ihany koa fa Eokaristia ny fiainantsika. Tamin'ny zomà teo no nankalazana ny Fo Masin'i Jesoa fa noho izy mpiaro ny diosezintsika dia ankalazaintsika izao Alahady izao ny fetin'ny FO MASIN'I JESOA ka ato amin'ny katedraly isika no mankalaza an'izany.

Omaly Asabotsy isika nankalaza ny Fo Madion'i Maria.

Vakiteny I : Os. 11:1,3-4,8c-9,
Tononkira : Izaia 12
Vakiteny II : Ef. 3:8-12,14-19,
Evanjely : Jo. 19:31-37,

Amin'izao Alahady hibanjinantsika manokana ny Fo Masin'i Jesoa, Alahady faharoa manaraka ny pantekôty, entanin'ny Fanahy Masina isika manorina ny Eglizy Tranon'Andriamanitra sy Eglizy Olona Velona, mibanjina manokana ny Fo Masin'i Jesoa hahatonga antsika koa ho FO ho an'ireo mpiara-belona amintsika. Tsy hoe ilay Fo nofo mitepo ao anatintsika no ambara eto fa ilay FO manambara ny fitiavana antsika olombelona. Isika izao dia entanin'izany mba ho Eokaristia isika ka ho FO tahaka an'i Jesoa. Mila FO tokoa ny génération des bâtisseurs, raha tsy izany dia tsy tanteraka ny tanjona ho tratrarina. Ny FO no maha olona antsika, ny fitiavana, ny fahafoizana tahaka an'i Jesoa. Noho ny fanolorany ny tenany dia tonga zanak'Andriamanitra isika miaraka aminy ary ny FO sy ny fitiavana dia ny mandray ny maha izy azy ny hafa, mandray antsika araka ny toetrantsika tsirairay i Jesoa.

Ao anatin’ny fahalemenao hoy Jesoa tamin’i Md Paoly no iantsoako anao, mandray antsika araky ny toetrantsika i Jesoa, izany no FO.

Isika ihany koa amin’izao fankalazana manetriketrika ny Fo Masin’i Jesoa izao anie hahatonga antsika koa ho FO amin’ireo manodidina antsika, izany ny fototra mahatonga fanorenana mari-pototra tsy ho voazongozona raha ny FO feno fitiavana, mandray ny hafa araky ny maha-izy azy, araky ny fahalemeny, araka izay hananany olona, manolotra ny maha antsika antsika ary izay talenta omen’Andriamanitra antsika dia entintsika manompo ny hafa mba hahafahantsika manorina izany Egizy Tranon’Andriamanitra sy Eglizy Olona Velona izany.

Misy dikany manokana ny fankalazana ny fetin’ny Fo Masin’i Jesoa fa indrindra amin’izao fiomanantsika ny filankevitra pastôraly izao, tsy maintsy mahafoy isika amin’ny fanorenana ny ETA sy EOV sy handraisantsika izay atolotry ny hafa mba hahatonga antsika ho mpanorina tokoa araky ny Eglizy misy antsika na Eglizy kely ao amin’ny fianakaviana, na Eglizy fototra, na Eglizy fiombonana, na Eglizy iraka. Izao tokoa no andinihantsika tsirairay amin’izay azontsika atolotra sy izay rehetra raisintsika araky ny maha izy azy ny tsirairay hahatonga izany fanorenana izany.

Ny tenin’Andriamanitra manambara fa ilay Fon’i Jesoa dia tsy manavakavaka, tsy manilikilika fa mikarakara antsika, mahalala ny ondriny izy, miahy antsika izy hoy Ezekiela mpaminany. “*Hoentiko mivoaka avy any amin’ny hafa firenena izy, ary hangoniko avy any amin’ny tany samihafa, hampodiako eo amin’ny tena taniny izy, dia handrasako eny amin’ny tendrombohitr’i Israely, eny an-dohasaha aman-toerana rehetra onenana amin’ny tany”.* Izany no katsahintsika amin’izao fiomanantsika amin’ny filankevitra pastôraly izao, hiaraka hiangona isika, hiaraka handinika isika, avy amin’ny toerana maro samihafa isika manana hevitra maro samihafa isika fa hibanjina kosa an’ilay mpiandry ondry tokana dia i Jesoa satria izy no mpiandry antsika rehetra. Mikarakara izy, ireo nania dia averiny. Enga anie izany tokoa ny vokatry ny filankevitra pastôraly izao, hanorina ETA sy EOV satria Andriamanitra tokoa no mpiandry antsika.

Manambara koa i Md Paoly, matoa isika afaka miombona tokoa, matoa isika olo araiky ao amin’Andriamanitra satria efa narotsak’Andriamanitra ao ampontsika ny Fanahy Masina fitiavan’Andriamanitra.

Ry Kristianina Havana, ny Fanahy Masina no aoka hanentana antsika, raha ao ampontsika tokoa ny Fanahy Masina dia ho lavitra ny fialonana, ny avonavona, ny fitiavantena manapotika ny fiainantsika andavanandro, hahatonga antsika ho tena mpanorina tokoa eo amin’ny fiainantsika. Fantaro ary fa raha miaraka amin’ny Fanahin’Andriamanitra isika na dia mpanota aza dia antsoin’Andriamanitra amin’ny fiombonana aminy.

Ny Evanjely manambara fa ilay Tempoly tsara dia i Jesoa, mikarakara sy be famindrampo izy ary ny katsahiny dia isika rehetra ho iray ao aminy. Izany no tadiavin’Andriamanitra sy ny lahatr’Andriamanitra amintsika. Na dia manao akory ny toetrantsika dia mitady hihavana amintsika izy. Izany koa no tokony ho toetrantsika amin’ny fanorenana ataontsika, miara-paly amin’ny fitiavan’Andriamanitra, na ireo very na ireo efa ao mba ho iray ihany ao amin’Andriamanitra, ao amin’ny Fo n’i Jesoa.

Ry Jesoa Tompo ô, ny Fonao tokoa no banjininay amin’izao fankalazana ny Fo Masin’i Jesoa izao, nisy rà sy rano nivoaka tamin’ny Fonao manambara ny fanorenana ny Eglizy. Mikasa hanorina Eglizy eto anivon’ny diosezinay izahay ka enga anie hahay hanararaotra izao filankevitra pastôraly izao mba hikatsaka mandrakariva ny sitrakao fa izany no fanorenana ny ETA sy EOV, hahay hanararaotra ny fanentanan’ny Fanahy Masina izahay ka hitondra pantekôty vaovao ho anay tokoa izao filankevitra pastôraly izao. Tsaroanay am-bavaka ireo tsy misy mpiahy amin’izao fankalazana ny Fonao Masina izao. Enga anie hahita Fo feno fitiavana tahaka anao izy ireo sy izahay rehetra ary ampio izahay ho Fo handray ny maha-izy azy ireo manodidina anay izahay ary ho Fo ho vonona hanolotra ny tenanay amin’ny maha izahay anay amin’ireo manodidina anay ka hahatonga anay ho mpanorina tokoa araky ny sitrakao. Manana modely izahay dia olontsambatra Lucien Botovasoa. Ry olontsambatra Lucien Botovasoa mivavaha ho anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson